Public Disclosure Authorized

Public Disclosure Authorized

TONDROMOMBA NY FANOLARAMA FIKARAKARANA

Fanabezana | Fahasalamana

MADAGASIKARA

Tondro momba ny fanolorana fikarakarana

FANABEAZANA | MARTSA 2017

Nanao fanadihadiana manerana an'i Madagasikara ny ekipa TFF ka nitsidika sekoly 473. Notombanany tamin'izany ny fahaizan'ny mpampianatra 2 130, nozahany ny fahatongavan'ny mpampianatra miisa 2 475 any ampiasana ary nampanaoviny fitsapa-pahalalana ny mpianatra miisa 3 960 ao amin'ny kilasin'ny taona faha-4 (T4). Azo antsaina tamin'ny vokatry izany fanadihadiana izany ny kalitaon'ny fanabeazana atolotra ny zaza malagasy sy ny tontolo ianarany. Anisan'ny mamaritra ny fahafahan'ny firenena iray mampitombo ny harinkareny ny fanabeazana fototra. Noho izany dia tokony ataon'i Madagasikara laharam-pamehana ny famahana ireo olana maro manembatsembana ny fanolorana fanabeazana toy ny fahasimban'ny fotodrafitrasa sy ny tsy fahatongavan'ny mpampianatra matetika manao ny asany.

Ny nivohitra tamin'ny fanadihadiana

Fisian'ny entimiasa

- Nahitana lesoka goavana ny sekoly malagasy eo amin'ny entimiasa. Ny 20 isan-jaton'ny sekoly monja mantsy no nahitana ny fotodrafitrasa kely indrindra tokony ananany: 37 isan-jaton'ny sekoly no nanana kabone mandeha tsara ho an'ny mpianatra; ny 56 isan-jato dia tsy nanana rano fisotro madio ary ny 20 isan-jaton'ny efitra fianarana dia tsy ampy hazavana ahitana ny solaitra be avy any amin'ny dabilio farany aoriana. Mpianatra iray ao anatin'ny folo an-dakilasy no mba manana boky fianarana frantsay na kajy ary zara raha misy manana boky ny mpianatra ivelan'Antananarivo. Ireo kilasy notsidihana dia nahitana fa vitsy ny isan'ny mpianatra isaky ny mpampianatra satria 18 monja ao amin'ny taona faha-4.

Ezaky ny mpampianatra

- Tsy tratra tao an-tsekoliny ny 31 isan-jaton'ny mpampianatra tamin'ny fotoan'ny fanadihadiana raha atao ny salanisa. Mbola ambony noho izany ny tsy fahatongavan'ny talen-tsekoly satria ny 37 isan-jaton'izy ireo dia tsy tao an-tsekoly. Hita ihany koa fa betsaka kokoa ny tahan'ny fahatongavan'ny mpampianatra rehefa tsy eo ny talen-tsekoly. Saika ao an-dakilasy hatrany ny mpampianatra eto Madagasikara rehefa tonga any an-tsekoly: 38 isan-jaton'ny mpampianatra mantsy no tsy hita tao an-dakilasy, izay ambony kelin'ny tahan'ny tsy fahatongavana ao an-tsekoly. Rehefa ao an-dakilasy indray ny mpampianatra dia 4 isan-jaton'ny fotoana laniany dia lany amin'ny hetsika hafa ankoatry ny fampianarana. Araka izany dia 3 ora sy 09 minitra isan'andro ihany no tena ianaran'ny mpianatra raha tokony ho 5 ora sy 12 minitra.
- Anisan'ny tena mamaritra ny tsy fahatongavana na fahatongavan'ny mpampianatra ny maha-eo na tsy eo ny talen-tsekoly. Miakatra ho avo roa heny ny tsy fahatongavan'ny mpampianatra any amin'ny sekolim-panjakana rehefa tsy eo ny tale (izany hoe 55 isan-jato rehefa tsy eo ny tale ary 22 isan-jato rehefa eo ny tale).



Fahafaha-mampianatra

- Ahitana lesoka makadiry ny mpampianatra eto Madagasikara raha ny fahalalana ananany sy ny fahaizany mampianatra no resahina. Ny ankamaroan'izy ireo, mba tsy hilazana hoe ny rehetra, dia tsy manana ny fahalalana sy ny fahaiza-mampianatra takiana amina mpampianatra. Ny naoty azon'izy ireo tamin'ny fitsapa-pahalalana teny frantsay sy kajy dia 38 isan-jato raha atao ny salanisa ary mpampianatra 1 monja ao anatin'ny arivo no nahazo naoty mihoatra ny 80 isan-jato rehefa atambatra ny fanadinana.
- Ny 20 isan-jaton'ny mpampianatra eo ho eo dia tsy nahay nanala isa ahitana tarehimarika roa (toy ny hoe 86-55) ary ny 55 isan-jato dia tsy nahavita nanampy isa amam-paingo (toy ny hoe 0,24 + 0,57).
- Nisy ihany ny mampianatra nahazo naoty tsara ary ny 10 isan-jato tsara indrindra dia nahazo naoty mihoatra ny 63 isan-jato tamin'ny fitsapa-pahalalana frantsay sy kajy mitambatra. Ny naoty azony tamin'ny kajy dia 78 isan-jato izay saika avo roa heny ny salanisan'ny mpampianatra manerana an'i Madagasikara (45 isan-jato).

Ny fahaizana sy ny fahatongavan'ny mpianatra an-sekoly

- Tsy mifanalavitra amin'ny salanisan'ny mpianatra eo amin'ireo firenena hafa nanaovana ny fanadihadihana TFF ny fahaizan'ny mpianatra malagasy satria 51 isan-jato. Tsara kokoa ny naoty azon'ny mpianatra malagasy tamin'ny kajy (57 isan-jato) raha oharina amin'ny frantasy (44 isan-jato). Nampivohitra lesoka goavana ihany anefa ny fanadinana: 52 isan-jaton'ny mpianatra

Raihona Atakhodjayeva, Mpandalina sy Waly Wane, Ekonimista Ambony ary Mpitarika ny Programa Tondro momba ny Fanolorana Fikarakarana (Banky Iraisampirenena) no nanoratra ny tatitra fototra amin'ny teny anglisy. Ny fandikan-teny dia nataon'ny Litera Madagasikara

ihany no mahay mikajy ny 6 ÷ 3 ary ny 30 isan-jato ihany no nahita ny valin'ny kajy tsotsotra 7 x 8. Tsara lavitra ny fahaizan'ny mpianatra amin'ny sekoly tsy miankina amin'ny fanjakana sy ny sekoly an-tanandehibe amin'ny taranja rehetra raha oharina amin'ny mpianatra amin'ny sekoly hafa.

- Hita tamin'ny fanadihadiana TFF fa tsy tao an-dakilasy ny 22 isan-jaton'ny mpianatra tamin'ny fotoana fitsidihana ny sekoly. Manampy trotraka ny tsy firotsahana ny ankizy maro an-tsekoly izany tsy fahatongavana mianatra izany.

Miralenta

- Mifanantsahana ny isan'ny ankizilahy sy ankizivavy eo amin'ny fanabeazana fototra eto Madagasikara. Vehivavy ny ankamaroan'ny mpampianatra (67 isan-jato) fa 42 isan-jato monjan'ny tale no vehivavy.
- Raha jerena ny fifandraisana misy eo amin'ny fahaizan'ny mpianatra sy ny mahalehilahy na mahavehivavy ny mpampianatra dia hita fa tsara kokoa ny naoty azon'ny mpianatra eo amin'ny taranja frantsay rehefa vehivavy no mampianatra azy.

Inona no mampiavaka ireo sekoly mahomby indrindra?

- Rehefa ampitahaina ireo 5 isan-jaton'ny sekoly nisy ny mpianatra nahazo naoty ambony indrindra sy ireo 95 isan-jato ambiny dia izao no tsikaritra: ambany dimy heny ny tsy fahatongavan'ny mpampianatra amin'ireo sekoly ireo (6 isan-jato sy 32 isan-jato); ambony kokoa ny naoty azon'ny mpianany amin'ny taranja rehetra (52 isan-jato sy 37 isan-jato amin'ny frantsay, 53 isan-jato sy 44 isan-jato amin'ny kajy); tsara kokoa ny fotodrafitrasa eo aminy (78 isan-jato sy 39 isan-jato); ary maro kokoa ny tahan'ny mpampianatra vehivavy ao aminy (100 isan-jato sy 60 isan-jato).

Vokatry ny TFF

Fisian'ny entimiasa

Azo lazaina ho tsaratsara ihany ny vokatry ny sekoly fanabeazana fototra eto Madagasikara raha ny fitaovam-pampianarana na fianarana no resahina: nahitana solaitra be ny ankamaroan'izy ireo ary saika ny mpianatra rehetra no nanana penina na pensily hazo sy kahie na solaitra anoratana. Tsy ampy anefa ny hazavana

KISARY 1. Fotodrafitrasa sy boky fianarana amin'ny sekoly manerana ireo faritany



ao an-dakilasy satria tsy hita mazava avy eny amin'ny dabilio farany aoriana ny solaitra be ao amin'ny 22 isan-jaton'ny efitra fianarana.

Tsy ampy be dia be ny fotodrafitrasa ary maro be koa ireo mpianatra no tsy manana boky fianarana an-dakilasy. Sekoly iray ao anatin'ny telo (30 isan-jato) no tsy manana kabone ary misy fahasamihafana be eo amin'ny sekolim-panjakana (37,4 isan-jato) sy ny sekoly tsy miankina (8,1 isan-jato) amin'io lafiny iray io. Olana lehibe ihany koa ny fahazoana rano madio indrindra ho an'ireo sekolim-panjakana: ny 28,8 isan-jaton'izy ireo dia tsy nahitana tobin-drano ary ny 34,8 isan-jato kosa dia nahitana tobin-drano nefa tsy azo antoka sy madio.

Amin'ny ankapobeny (87 isan-jato) dia tsy nisy nanana boky fianarana ny ankizy tao amin'ny kilasy T4 ary ny 10,3 isan-jaton'ny mpianatra an-dakilasy ihany no nampiasa boky tao an-dakilasy. Misy fahasamihafana be amin'ireo sekoly tsy miankina sy ny sekolim-panjakana eo andaniny ary eo amin'ireo samy faritany etsy ankilany raha ny fotodrafitrasa sy ny fisian'ny boky fianarana no resahina.

Ezaky ny mpampianatra: Inona no ataon'ny mpampianatra?

Tsy maintsy ao an-tsekoly sy ao an-dakilasy ny mampianatra ary tsy maintsy mampianatra raha tiana ho vanona ny fianaran'ny ankizy. Asehon'ny fanadihadihana TFF anefa fa ny 31 isan-jaton'ny mpampianatra dia tsy tao an-tsekoly tamin'ny fotoanan'ny fitsidihana tsy misy fampilazana. Araka izany very ny 1 ora sy 35 minitra fampianarana. Ankoatra izay, ny 10 isan-jaton'ny mpampianatra izay tonga tao an-tsekoly dia tsy tao an-dakilasy akory amin'ny fotoana tokony ampianarany ka mbola very 23 minitra indray ny fotoana fampianarana. Rehefa ao an-dakilasy kosa ny mpampianatra dia ny 4 isan-jaton'ny fotoanany dia tsy ampianarany ka miampy 5 minitra ny fotoana very tsy ianarana. Rehefa atambatra ireo fotoana very rehetra ireo dia hita fa 39 isan-jaton'ny fotoana tokony ianarany ihany no tena mianatra ny mpianatra malagasy.

Matetika koa no tsy tonga ao an-tsekoly ny tale ary io tsy fahatongavany io no tena mitarika tsy fahatongavan'ny mpampianatra.

Matetika koa no tsy tonga ao an-tsekoly ny tale ary io tsy fahatongavany io no tena mitarika tsy fahatongavan'ny mpampianatra, indrindra eo amin'ny sekolim-panjakana. Manatombo isan-jato 33 ny tsy fahatongavan'ny mpampianatra rehefa tsy tonga ny tale eo amin'ny sekoly fanabeazana fototra tantanan'ny fanjakana: 22 isan-jato ny tahan'ny tsy fahatongavan'ny mpampianatra rehefa eo ny tale fa 55 isan-jato kosa rehefa tsy eo ny tale. Any amin'ny sekoly ambanivohitra no tena misongadina io tranga io.

Fahafaha-mampianatra: manao ahoana ny fahalalan'ny mpampianatra?

Voafehin'ny mpampianatra ve ny fandaharam-pianarana tokony ampianariny? Manohina ny mahita fa mampianatra iray monja ao anatin'ny 1 000 no mahafehy ny 80 isan-jaton'ny fandaharam-pianaran'ny kilasy T4. Tsy misy na dia mpampianatra iray aza nahazo ny naoty 80 isan-jato na mihoatra tamin'ny taranja frantsay ary 6,3 isan-jato monja no nahazo ny naoty kely indindra azo ekena amin'ny taranja kajy. Ny fitsapa-pahalalana tamin'ny taranja frantsay dia nitaky ny mpampianatra hanitsy taratasy iray misy diso 22 (tsipelina, renintsoratra, voambolana, sns.) nefa diso 1,7 monja no hitan'ny mpampianatra raha atao ny salanisa. Raha ny taranja kajy indray no resahina dia 45 isan-jato ny salanisan'ny naotin'ny mampianatra ary mifanalavitra be (elanelana isan-jato 22) ny naoty azon'ny mampianatra tamin'ny kajy tsotsotra sy ny kajy sarotsarotra amin'ny fandaharam-pianarana. Araka izany mora ho an'ny mpampianatra ny asamarika tsotra toy ny manampy isa ahitana tarehimarika roa na telo (95 isan-jato sy 86 isan-jato) raha oharina amin'ny asamarika sarotsarotra toy ny fampitahana ampahany. Ambany lavitra ny vokatra azon'ny mpampianatra FRAM – indrindra ireo tsy mahazo vatsim-panjakana, raha oharina amin'ny sokajim-pampianatra hafa. Ambonin'ny salanisan'ny rehetra ny naoty azon'ireo mampianatra nahavita fianarana bebe kokoa sy nahazo fiofana ho mpampianatra.

Tsy misy na dia mpampianatra iray aza nahazo ny naoty 80 isan-jato na mihoatra tamin'ny taranja frantsay ary 6,3 isan-jato monja no nahazo ny naoty kely indindra azo ekena amin'ny taranja kajy

Ambany hatrany ny naoty azo tamin'ny taranja fahaiza-mampianatra raha oharina amin'ny kajy ary mitovitovy amin'ny marika azo tamin'ny taranja frantsay. Raha atao ny salanisa dia isa 24 ao anatin'ny 100 no azon'ny mampianatra raha ny fahaiza-mampianatra no resahina.

KISARY 2 : Aiza no misy ny mpampianatra amin'ny fotoana fitsidihana tsy misy fampilazana?



KISARY 3 : Tsy fahatongavan'ny tale sy tsy fahatongavan'ny mpampianatra: lasa ny mamba misosoka ny voay



KISARY 4 : Salan'isan'ny naoty azon'ny mpampianatra tamin'ny frantsay, kajy sy fahaiza-mampianatra (isan-jato)



Sarotra ho azy ireo tokoa mantsy ny manomana drafi-pampianarana (isa 34 ao anatin'ny 100), ny manombana ny soratanan'ny mpianatra (isa 18 ao anatin'ny 100) sy ny misintona fehin-kevitra momba ny fianaran'ny ankizy avy amin'ny naoty azon'ny mpianatra (isa 9 ao anatin'ny 100).

Fahaizana sy fahatongavan'ny mpianatra an-tsekoly

Na dia ratsy aza ny toerana ianarany ary na dia tsy dia mahay firy aza ny mpampianany dia tsy latsa-danja amin'ny fahaizan'ireo mpianatra

KYSARY 5 : Fahaizan'ny mpianatra - salanisa azony tamin'ny taranja frantsay sy kajy (isan-jato)



KISARY 6 : Fampitahana ny sekoly 5 isan-jato mahomby indrindra amin'ireo sekoly hafa ambiny



any amin'ireo firenena hafa nanaovana ny fanadihadiana TFF ny fahaizan'ny mpianatra malagasy satria 51 isan-jato ny naoty azony. Toy ireo mampianatra azy anefa dia tsara kokoa ny vokatra azony tamin'ny kajy (57 isan-jato) raha oharina amin'ny taranja frantsay (44 isan-jato). Na dia izany aza dia nampibaribary lesoka goavana ny fitsapa-pahalalana natao satria hita fa 52 isan-jaton'ny mpianatra amin'ny kilasy T4 ihany no mahay mikajy ny 6 ÷ 3 ary 30 isan-jato ihany no mahay ny asamarika tsotsotra 7x8.

Ambony kokoa ny fahaizan'ny mpianatra amin'ny sekoly tsy miankina sy an-tanandehibe amin'ny taranja frantsay sy kajy raha oharina amin'ireo mpianatra amin'ny sekoly tsy miankina any ambanivohitra. Tsy misy fahasamihafana eo amin'ny fahaizan'ny ankizilahy sy ankizivavy satria zara raha manatombo ny naoty azon'ny ankizilahy tamin'ireo taranja roa ireo. Ambany kokoa ny marika azon'ny mpianatra zokiny (izay niditra antsekoly taratara kokoa na mamerin-taona) raha oharina amin'ny mpianatra zandriny.

Maro loatra ireo zaza malagasy nirotsaka an-tsekoly nefa tsy tonga mianatra. Nasehon'ny fanadihadiana TFF fa 22 isan-jaton'ny mpianatra misoratra anarana amin'ny kilasy T4 no tsy tonga tamin'ny fotoana fitsidihana. Matetika kokoa no manapaka fianarana ny ankizy any ambanivohitra (24 isan-jato) raha oharina amin'ny any an-tanandehibe.

Inona no mampiavaka ireo sekoly mahazo vokatra tsara?

Tsy mahagaga fa ny sekoly tsara vokatra dia ireo izay manana fotodrafitrasa sy mpampianatra tsaratsara kokoa ary manana boky fampianarana maro isa kokoa. Ny salanisan'ny naoty azon'ireo mpianatra amin'ny sekoly 5 isan-jato nahomby indrindra dia 84 isan-jato raha 48 isan-jato izany amin'ireo sekoly 95 isan-jato ambiny. Mpianatra 3 ao anatin'ny 4 amin'ny sekoly nahomby indrindra no nahazo naoty 78 na mihoatra. Ambany dimy heny ny tsy fahatangovan'ny mpampianatra amin'ireny sekoly ireny (6 isan-jato ampitahaina amin'ny 32 isan-jato) ary ambony lavitra ny naoty azon'ireo mpampianatra ireo tamin'ny fanadinana taranja frantsay, kajy sy fahaiza-mampianatra. Mahalana kokoa no tsy tonga miasa ny talen'ireo sekoly ireo (16 isan-jato ampitahaina amin'ny 38 isan-jato). Tsara kokoa ny fotodrafitrasan'ny sekoly ary ambony kokoa ny tahan'ny mpianatra manana boky fianarana (39 isan-jato ampitahaina amin'ny 9 isan-jato). Vehivavy avokoa ireo mpampianatra amin'ireo sekoly 5 isan-jato mahomby indrindra.

Aiza ho aiza no misy an'i Madagasikara raha oharina amin'ireo firenena hafa nanaovana ny fanadihadiana TFF?

Latsa-danja i Madagasikara raha ny fisian'ny entimiasa, ny ezaky ny mpampianatra sy ny fahaizan'izy ireo no resahina. Madagasikara no alohan'ny farany raha ny fotodrafitrasa no jerena: ny 20 isan-jaton'ny sekoly ihany no manana ny fotodrafitrasa kely indrindra tokony ananany raha 59 isan-jato izany taha izany any Kenya ary 53 isan-jato any Ouganda. Ny sekoly any Nigeria ihany no ratsy fotodrafitrasa kokoa noho ny eto Madagasikara satria ny 18 isan-jato monja no manana ny fotodrafitrasa kely indrindra tokony ananana. Mbola alohan'ny farany eo anoloan'i Ouganda ny mpianatra malagasy raha ny fananana boky fianarana no resahina: 10 isan-jaton'ny mpianatra malagasy no nanana boky fianarana teo ampelatanany teo amin'ireo kilasy notsidihana raha 25 isan-jato izany taha izany any Tanzania, 38 isan-jato any Nigeria ary 68 izan-jato any Mozambika sy Togo.

Ambany toy ny an'ny mpampianatra any Mozambika, Nigeria sy Togo ny naoty azon'ny mpampianatra malagasy tamin'ny fitsapa-pahalalana. Teto Madagasikara no nahitana ny taha ambany indrindra amin'ireo mpampianatra nahazo ny marika 80 isan-jato izay naoty ambany indrindra azo ekena. Ny 0,1 isan-jaton'ny mpampianatra malagasy ihany no nanana ny fahalalana kely indrindra azo ekena raha 40 isan-jato izany taha izany any Kenya, 21 isan-jato any Tanzania ary 20 isan-jato any Ouganda. Na dia simba sy tsy zarizary aza ny sekoly ianarany ka tsy mahay firy ny mpampianany dia saika ambony noho ny mpianatra amin'ny ankamaroan'ny firenena fampitaha hatrany ny naoty azon'ny mpianatra malagasy.

Midika inona ho an'i Madagasikara ireo voka-panadihadiana ireo?

Tsy maintsy miezaka mampitombo ny harinkareny amin'ny fomba mavitrika, mitohy sy mampandray anjara ny rehetra i Madagasikara raha te hiarina avy amin'ny fahantrana lavareny izay niainany. Mitaky mponina

ampy fianarana sy tsara ofana anefa izany ka tokony hiezahan'i Madagasikara.

Nasehon'ny fanadihadiana TFF 2016 fa ratsy kalitao ny fanoloran'i Madagasikara fanabezana ho an'ny ankizy amin'ny lafiny maro. Tsy ampy ny fotodrafitrasa sy fahazoana rano madio amin'ny sekoly fanabeazana fototra. Mbola mampanahy lavitra noho izany anefa ny tsy fahatongavana matetika hita teo amin'ny mpampianatra sy ny tsy fahampian'ny fahalalan'izy ireo izay ambany dia ambany. Tsy hisy vokany ireo ezaka ataon'i Madagasikara mba hanana mponina sy mpiasa ampy fianarana raha tsy vahana haingana ireo olana manembatsembana ny fanolorana fanabeazana ireo. Nasehon'ny fanadihadiana TFF ihany koa fa misy fitongilanana be eo amin'ny fanolorana fanabeazana eo amin'ny samy faritany ka mety hitarika tsy fitoviana be eo amin'ny fidiram-bola sy hatsaran'ny fiainana izany rehefa ela ny ela ary hanimba ny ezaka hisian'ny fandrosoana andraisan'ny rehetra tombontsoa sy ahatonga ny firenena hiray hina sy hanan-karena.

Indreto misy fepetra tokony hodinihana ny hantanterahana azy mba hanatsarana ny kalitaon'ny fanabeazana eto Madagasikara sy hampandraisana anjara ny sehatry ny fanabeazana amin'ny fampandrosoana: (i) ampitomboina ny fampiasana ny tenin-drazana eo amin'ny fampianara any amin'ireo kilasy ambany; (ii) hamafisina ny fanofanana ny mpampianatra alohan'ny handraisany asa sy eo amperinasa mba hanatsarana ny fahalalanany ny taranja sy ny fahaizany mampianatra; (iii) hamafisina ny fitantanana ny sekoly eny ifotony mba ho mafimafy kokoa ny tamberinadidy eo amin'ny sekoly fanabeazana fototra eto Madagasikara.

Indray topy maso

FAFANA 1: Fampitahana ny vokatran'ny TFF momba ny fanabeazana eo amin'ny faritra ambanivohitra sy an-tanandehibe manerana an'i Madagasikara

Tondro	MADAGASIKARA	Tsy mi-ankina	Fanjakana	Ambanivo-hitra	An-tanan-dehibe	Antanan-dehibe, fanjakana	Ambanivohitra, fanjakana
FIANARAN'NY MPIANATRA							
Salanisa tamin'ny fitsapa-pahalalana (frantsay sy kajy)	50,6	61,1	46,6	47,8	68,1	55,4	45,8
Frantsay	44,5	57,0	39,7	40,1	71,2	56,7	38,1
Kajy	56,7	65,2	53,5	55,4	64,9	54,2	53,4
FAHALALAN'NY MPAMPIANATRA (FAHAFAHA-MAMPIANATRA)							
Fahalalana kely indrindra tokony ananana (frantsay sy kajy)	0,1	0,1	0,1	0,6	0,0	0,9	0,0
Salanisan'ny marika azo tamin'ny fitsapa-pahalalana (frantsay, kajy sy fahaiza-mampianatra)	30,7	34,9	29,5	35,2	29,8	34,2	28,9
NY ATAON'NY MPAMPIANATRA (EZAKA)							
Tahan'ny tsy fahatongavana an-tsekoly (% mpampianatra)	30,6	14,4	35,9	31,9	24,3	41,8	35,1
Tahan'ny tsy fahatongavana an-dakilasy (% mpampianatra)	37,8	24,4	42,2	39,3	30,9	47,7	41,5
Faharetan'ny fotoana fampianarana	3o 09min	3o 50min	2o 56min	3o 05min	3o 46min	2o 37min	2o 57min
Faharetan'ny fotoana fampianarana raha ny tokony ho izy	*5o 12min*	*5o 38min*	*5o 03min*	*5o 11min*	*5o 21min*	*4o 58min*	*5o 03min*
ENTIMIASA EO AM-PELATANAN'NY MPAMPIANATRA							
Isan'ny mpianatra isa-mpampianatra	36,6	28,4	38,3	36,7	29,0	36,5	38,4
Isan'ny mpianatra isa-mpampianatra hita (kilasy T4)	17,6	19,9	16,9	17,0	22,9	27,2	16,3
Ampahan'ny mpianatra manana boky fianarana	10,3	21,1	6,8	9,1	20,1	7,0	6,8
Fisian'ny entimiasa kely indrindra tokony ananana	65,0	64,6	65,1	64,8	66,6	52,3	65,9
Fisian'ny fotodrafitrasa kely indrindra tokony ananana	20,2	32,9	16,0	18,1	37,1	21,9	15,7

FAFANA 2 : Fampitahana ny vokatry ny fanadihadiana TFF Fanabeazana eo amin'ny firenena vitsivitsy (sekolim-panjakana ihany)

	MADAGASIKARA 2016	Salanisa TFF	Niger 2015	Tanzania 2014	Kenya 2012	Mozambika 2014	Nigeria** 2013	Senegaly 2011	Tanzania 2011	Togo 2013	Oganda 2013
FIANARAN'NY MPIANATRA											
Naoty azo tamin'ny fitsapa-pahalalana frantsay sy kajy ; %	50,6	49,6	21,3	40,1+*	72,0	20,8	32,2	n/c	n/c	45,7	48,6
Naoty azo tamin'ny fitsapa-pahalalana frantsay	44,5	49,5	21,7	36,5+*	75,4	18,7	31,4	n/c	n/c	45,5	47,1
Naoty azo tamin'ny fitsapa-pahalalana kajy	56,8	47,3	11,5	58,2	59,0	25,1	31,9	n/c	n/c	44,6	43,4
FAHALALAN'NY MPAMPIANATRA (FAHAFAHA-MAMPIANATRA)											
Fahalalana kely indrindra tokony ananana	0,1	14,6	0,0	21,5	40,4	0,3	3,7	n/c	n/c	1,6	19,5
Marika azo tamin'ny fitsapa-pahalalana (taranja rehetra)	33,2	43,0	33,3	48,3	57,1	26,9	32,9	n/c	n/c	35,6	45,3
NY ATAON'NY MPAMPIANATRA (EZAKA)											
Tahan'ny tsy fahatongavana an-tsekoly	30,6	18,6	16,6	14,4	14,1	44,8	13,7	18,0	23,0	20,5	26,0
Tahan'ny tsy fahatongavana an-dakilasy	37,8	39,8	27,0	46,7	42,1	56,2	19,1	29,0	53,0	35,8	52,8
Faharetan'ny fotoana fampianarana raha ny tokony ho izy	*5o 12m*	*5o 34m*	*5o 40m*	*5o 54m*	*5o 37m*	*4o 17m*	*4o 53m*	*4o 36m*	*5o 12m*	*5o 29m*	*7o 18m*
Faharetan'ny fotoana fampianarana	3o 09m	3o 02m	4o 23m	2o 46m	2o 49m	1o 41m	3o 26m	3o 15m	2o 04m	3o 29m	3o 18m
ENTIMIASA EO AM-PELATANANA											
Isan'ny mpianatra isa-mpampianatra hita	17,6	40,4	38,1	43,5	35,2	21,4	21,6	27,2	52,0	29,7	47,9
Ampahan'ny mpianatra manana boky fianarana	10,3	37,1	8,7	25,3	48,0	68,1	38,2	18,0	19,7	68,5	5,0
Fitaovam-pampianarana kely indrindra tokony ananana	65	60,5	23,4	61,4	78,8	76,8	54,8	n/c	n/c	26,4	80,6
Fotodrafitrasa kely indrindra tokony ananana	20,2	38,1	19,7	40,4	59,5	29,1	18,5	n/c	n/c	22,3	53,7

Fanamarihana: (*) Vitsy loatra ireo sekoly tsy miankina tamin'ity fihodinana faharoa ity ka ny sekolim-panjakana ihany no noraisina.
(**) Ny isa ho an'i Nigeria dia salanisan'ireo Fanjakana efatra nohadihadiana dia i Anambra, Bauchi, Ekiti sy Niger.

Tovana: Famaritana ny tondro

Tahan'ny tsy fahatongavana an-tsekoly

Ampahan'ny mpampianatra tsy hita teo an-tsekoly tamin'ny fotoana fitsidihana tsy misy fampilazana mialoha ao anatin'ny santionana mpampianatra 10 natao antsapaka.

Tahan'ny tsy fahatongavana an-dakilasy

Ampahan'ny mpampianatra tsy hita tao an-dakilasy tamin'ny ora fampianarana ara-dalana tamin'ny fotoana fitsidihana tsy misy fampilazana. Raha teny ivelan'ny efitra fianarana no nampianatra ny mpampianatra dia raisina ho toy ny ao an-dakilasy izy.

Faharetan'ny fotoana nampianarana isan'andro (lazaina koa hoe fotoana niasana)

Fotoana atokan'ny mpampianatra ampianarana mandritra ny indray andro. Mitambatra ao anatin'ity tondro ity ny fizaram-panadihadiana telo: ny rejistry ny mpampianatra (hamaritana ny tahan'ny tsy fahatongavana), ny fizahana an-dakilasy sy ny fotoana fampianarana araka ny tatitry ny mpampianatra. Avahana ny fotoana ampianarana sy ny fotoana tsy ampianarana mandritra ny fotoana lany ao an-dakilasy. Malalaka be ny amaritana ny atao hoe "fampianarana" ka tafiditra amin'izany ny fifaneraserana amin'ny mpianatra, ny fanitsiana sy fanombanana ny asan'ny mpianatra, ny fampiasana fampiharana na fitadidiana.

Fahalalana kely indrindra tokony ananan'ny mpampianatra

Refesina amin'ny alalan'ity tondro ity ny fahalalan'ny mpampianatra ka fitsapa-pahalalana momba ny taranja kajy sy teny frantsay mifanaraka amin'ny fandaharam-pianarana any amin'ny fanabeazana fototra no atao amin'izany. Nanao an'ireo fitsapa-pahalalana ireo ny mpampianatra ny taranja kajy sy frantsay nampianatra ny kilasy T3 tamin'ny taon-dasa na ny kilasy T4 amin'ny fotoana nanaovana ny fanadihadiana. Hita amin'izany ny isan-jaton'ny mpampianatra mahazo naoty ambonin'ny 80 isan-jato amin'ny fanadihadiana. Naoty azo tamin'ny fitsapa-pahalalana: mandrefy ny fahalalan'ny mpampiantra sy ny naoty ankapobeny azon'ny mpampianatra amin'ny taranja kajy, frantsay sy fahaiza-mampianatra araka ny fandaharam-pianaran'ny fanabeazana fototra. Nanao ny fitsapa-pahalalana ny mpampianatra ny taranja kajy sy frantsay nampianatra ny kilasy T3 tamin'ny taon-dasa na ny kilasy T4 amin'ny fotoana nanaovana ny fanadihadiana tany amin'ny sekoly rehetra.

Fisian'ny fotodrafitrasa

Salanisan'ny ampahan'ny sekoly izay nahitana jiro sy fotodrafitrasa fanadiovana mandeha ara-dalana tsara.
Raha faritana mazavazava kokoa dia ireto no takiana: (i) kabone mandeha tsara, madio, tako-maso tsara ary mora andehanana; (ii) hazavana ampy ao an'efitra fianarana mba ahafahana mamaky ny solaitra be avy eny amin'ny dabilio farany aoriana.

Fisian'ny fitaovam-pampianarana

Salanisan'ny ampahan'ny sekoly izay ahitana ireto fitaovana manaraka ireto: solaitra be azo anoratana tsara sy tsaoka, pensily sy kahie. Raha faritana mazavazava kokoa dia ireto no takiana: (i) solaitra be azo anoratana tsara sy lakre; (ii) ampahan'ny mpianatra an-dakilasy mihoatran'ny 90 isan-jato izay manana penina; (iii) ampahan'ny mpianatra an-dakilasy mihoatra ny 90% izay manana 90 isan-jato.

Tahan'ny mpianatra manana boky fianarana

Isan'ny boky kajy na frantsay ampiasaina amin'ny kilasy T4 nalaina antsapaka zaraina amin'ny isan'ny mpianatra ao an-dakilasy.

Salanisan'ny mpianatra isam-pampianatra

Salanisan'ny isan'ny mpianatra ao amin'ny kilasy T4 isam-pampianatra amin'io taona io.
Ity tondro ity dia milaza ny fisian'ny mpampianatra ka mikajy ny isan'n mpianatra isaky ny mpampianatra amin'ny kilasy T4 izay nalaina antsapaka tamin'ny sekoly nandritry ny fitsidihana lakilasy.

Momba ny fanadihadiana TFF

Notanterahina tamin'ny volana May sy Jona 2016 ny fanadihadiana TFF ka nangonina tamin'izany ny fampahalalana momba ny sekoly fanabeazana fototra miisa 473, mpampianatra miisa 2 475 (mba ahafantarana ny fahatongavany any ampiasana), mpampianatra miisa 2 130 (mba anombanana ny fahalalany) sy mpianatra miisa 3 960 izay nanao fitsapa-pahalalana. Ny voka-panadihadiana dia nahazoana antsaina ny kalitaon'ny fanolorana fanabeazana fototra sy ny tontolo anaovana izany eto Madagasikara tamin'ny taona 2016. Fampahalalana amin'ny lafiny telo lehibe no entin'ity fanadihadiana ity: (i) ny ezaka ataon'ny mpampianatra sy tale; (ii) ny fahalalana sy fahaiza-mampianatry ny mpampianatra; (iii) ny fisian'ny entimiasa fototra toy ny lakre, pensily, kahie, solaitra be, fitaovam-pampianarana sy fotodrafitrasa (fisian'ny kabone, rano madio, sns). Haingana ny fihitaran'ny fanadihadiana TFF ka firenena sivy izao no efa nanatanterahana azy dia i Kenya, Madagasikara, Mozambika, Niger, Nigeria, Senegaly, Tanzania, Togo sy Ouganda. Noho izany dia azo atao ankehitriny ny mampitaha amin'ny firenena hafa ny toerana misy ny firenena iray sy ny zava-bitany.

Fandaharanasa Tondro momba ny fanolorana fikarakarana (TFF)

Fiombonan'antoky ny Banky iraisam-pirenena sy ny Vondrona mikaroka momba ny toekarena eto Afrika (AERC) ary ny Banky afrikana ho an'ny fampandrosoana ny fandaharanasa Tondro momba ny fanolorana fikarakarana. Ny tanjon'ity fandaharanasa ity dia ny hampivelatra sy hametraka ho fanao tsy tapaka ny fanangonana fampahalalana momba ny tondro mahakasika ny kalitaon'ny fanoloranana fikarakarana eo amin'ny firenena tsirairay ary atao amin'ny firenena maromaro sy amin'ny taona mifandimby izany. Ny tena kendrena amin'ity fandaharanasa ity dia ny hanamafy orina ny tamberinadidy eo amin'ny fanoloranana fikarakarana eto Afrika ka ny voka-panadihadiana dia ho lasa fitaovana entin'ny olom-pirenena, ny fanjakana sy ny mpamatsy vola hiadiana mba hanatsarana haingana ny fahafaha-mamaly ny filana sy ny fahombiazan'ny fanolorana fikarakarana.

Raha te ahafantatra bebe kokoa ny momba ny fitaovana sy ny fahampahalalana mifandraika amin'ny fanadihadiana TFF na ny TFF amin'ny ankapobeny ianao dia jereo ny rohy: www.SDIndicators.org sy www.worldbank.org/sdi na manorata amin'ny adiresy: sdi@worldbank.org.

© 2017 Banky iraisam-pirenena ho an'ny fanarenena sy fampandrosoana/Vondron'ny Banky iraisam-pirenena

1818 H Street NW Washington DC 20433
Laharana an-taroby: +1 202-473-1000
Takelaka aterneto: www.worldbankgroup.org

Ity rakikevitra ity dia novokarin'ny Fandaharanasa Tondro momba ny fanolorana fikarakarana (www.SDIindicators.org; www.worldbank.org/SDI) sy ny mpiasa ao amin'ny Banky iraisam-pirenena. Tsy voatery mitaratra ny hevitry ny Banky iraisam-pirenana, ny Filankevim-pitantanany na ireo Fanjakana voasolo tena ny filazana sy hevitra aseho ao anatin'ity rakikevitra ity.

Tsy miantoka ny fahamarinanan'ny fampahalalana ao anatin'ity rakikevitra ity ny Banky iraisam-pirenena. Ny sisintany, ny loko, ny anarana sy ny fampahalalana hafa hita amin'ny sarintany ao anatin'ity rakikevitra ity dia tsy voatery maneho ny fijerin'ny Banky iraisam-pirenana ny satan'ny faritra iray ary tsy midika ho faneken'ny Banky iraisam-pirenena an'ireny sisintany ireny.

Zo sy alalana

Voafehin'ny zon'ny mpamorona ity rakikevitra ity. Ny Banky iraisam-pirenena anefa dia mamporisika ny fampielezana ny fahalalana ka mamela ny handikana amin'ny ampahany na amin'ny fahafenoiny ity rakikevitra ity raha tsy natao hamidy izany dika izany ary raha voalaza mazava fa nalaina avy tamin'ity rakikevitra ity izany.

Alefaso amin'ity adiresy manaraka ity ny fangatahana fampahalalana momba ny zo fampiasana ity rakikevitra ity: Office of the Publisher, World Bank, 1818 H Street NW, Washington, DC 20433, United States of America, fax 202-522-2422, mailaka: pubrights@worldbank.org na sdi@worldbank.org.

WORLD BANK GROUP

AFRICAN ECONOMIC RESEARCH CONSORTIUM
Consortium pour la Recherche Economique en Afrique